



Manara-dia an'i Jesoa any

# ANGLETERA

FANTARO I LUCIA SY I VIVIE ARY I ZAC





## Ny momba azy ireo

**ANARANA:** Lucia, 7 taona; Vivie, 9 taona; ary i Zac, 9 taona

**FIAVIANA:** Herefordshire, Angletera

**FITENY:** Anglisy

**TANJONA SY NOFINOFY:** Ho namana tsara (Lucia), manao tsianjery ireo Fanekem-pinoana (Vivie), ary manampy ireo ankizy hafa hanao fanatanjahantena (Zac)

**FIANAKAVIANA:** Mpianadahy i Lucia sy i Zac, ary i Vivie dia zanaky ny mpiray tampo amin-drainy



SARY FANEHOANA NATAON'I LUCY SEMPLE DEAKIN

## Manao ahoana ny fanarahan'izy ireo an'i Jesoa

"Mipetraka ao amin'ny toeram-piompiana iray misy an'i Bebe sy Dadabe ny fianakavianay," hoy i Lucia. "Be ny asa atao saingy manana fahatsapana tsara izahay rehefa manompo. Fantatray fa tia-n'i Jesoa hanompo izahay."

"Manampy an'i Bebe mikarakara ireo soavaly izahay," hoy i Vivie. "Entinay mankeny an-tsaha izy ireo mba hihinana ahitra. Manadio ny fitoeran'izy ireo izahay, miborosy ny volony, mamahana azy ireo ary mameno rano ny siny fisotroan-dranony. Tianay ny manampy an'i Bebe."

Manara-dia an'i Jesoa ihany koa i Zac amin'ny alalan'ny fanompoana. "Nisy fandidiana natao teo amin'ny tanan'ny dadaben'ny reniko. Tsy afaka nikarakara ny zaridainany izy. Nanampy tamin'ny fanapahana ny bozaka sy ny fanalana ireo ahi-dratsy ny fianakaviako sy ireo zanaky ny mpiray tampo amin'ny reniko ary ny ray aman-drenin'ny reniko. Faly ery ny dadaben'ny reniko!"



### Ahoana no fomba hanarahanao an'i Jesoa?

Maro ireo fomba ahafahana manara-dia an'i Jesoa. Ahoana no fomba hanarahanao Azy? Sorato dia lazao anay!

### Ireo zavatra tena tian'izy ireo

**TANTARA AO AMIN'NY SORATRA MASINA:**
Ny tena tian'i Zack dia tamin'i Jesoa nandeha teo ambony rano



**TOERANA:**
I Lucia sy i Vivie dia tia miaraka amin'ireo soavaly



**VOANKAZO NA LEGIOMA:**
Manga (Lucia), vomanga (Vivie), broccoli (Zac)



**TARANJA ANY AN-TSEKOLY:**
Zavakanto (Lucia sy Vivie) ary tantara (Zac)



**LOKO:**
Volomparasy (Lucia), turquoise (Vivie), ary mavo (Zac)

